


**“Eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ...” (Filipiana 3.10a)**


# Gazetin’Isotry Fitiavana

Aprily 2020 | Laharana 126 | Vidiny 500

*“... tsy hafa ity, fa tranon’Andriamanitra sy vavahadin’ny lanitra”. (Gen. 28.17)*


## Marie Madeleine

Sais-tu quelle est la première personne à qui Jésus ressuscité est apparu ? Marie Madeleine ! Oui oui. Et sans ordre, sans mandat, elle est allée tout de suite annoncer cette nouvelle merveilleuse aux disciples de Jésus ! Voilà ce que fait quelqu’un qui sait que Jésus est véritablement ressuscité, pas seulement, mais qui vient d’avoir un contact personnel avec Lui.

**Le violon du collectionneur**

Fritz Kreisler (1875-1962), le violoniste mondialement célèbre, gagnait beaucoup d’argent avec ses concerts et ses compositions. Il n’avait cependant jamais vécu dans la richesse à cause de sa générosité envers les autres.
Un jour, au cours d’un ses voyages, il eut le coup de foudre pour un violon, mais il fut incapable de l’acheter. Lorsqu’il eut suffisamment mis de côté de l’argent, il retourna chez le luthier : hélas, le violon avait été vendu à un collectionneur !

Ayant retrouvé la trace du collectionneur, Kreisler lui proposa de racheter le violon, quel qu’en soit le prix.
- Même pour tout l’or du monde, non, dit le collectionneur ! C’est la plus belle pièce de ma collection.
- Pourrais-je en jouer alors, avant qu’il ne soit réduit définitivement au silence ? demanda Kreisler avant de partir.
Dès les premières notes, le collectionneur fut ému aux larmes. Il dit à Kreisler :
- Monsieur Kreisler, le violon est à vous ! Je n’ai pas le droit de garder cela pour moi seul , dit-il entre deux sanglots. Allez de par le monde et faites-en profiter le maximum de monde !

**Impossible, mais vraiment impossible de garder cette nouvelle pour nous**

Frères, sœurs, nous n’avons pas le droit de garder pour nous seuls la bonne nouvelle de la résurrection !
Charles Spurgeon disait, pour distinguer les vrais croyants des faux : « Si nous ne sommes pas des missionnaires alors nous sommes des imposteurs ! »
Frères, sœurs, annonce la Bonne nouvelle de la résurrection dans ta vie de tous les jours. Il ne t’est pas nécessaire d’aller au bout du monde. Montre juste que tu es déjà ressuscité avec le Christ. Amen.

***Pasteur Solofo RAMAHOLIMIHASO***

# Vavolombelon’ny fitsanganan’ny Tompo ny mino



**Maria Magdalena. Izy no olona voalohany nisehoan’i Jesoa rehefa nitsangana tamin’ny maty**


> Ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ary mbola **ao amin'ny fahotanareo ihany ianareo;...** Nefa tsy izany, fa efa natsangana tamin'ny maty tokoa Kristy ho **santatr'izay efa nodi-mandry.**
>
> 1 Kor 15. 17, 20

## Perikopa Aprily 2020

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 05 | SAMPANDROFIA | Sal. 118. 24–29 | Mar. 11. 1–11 | Apok. 15. 1–4 |
| 12 | PASKA – Sampana Dorkasy | Job. 19. 25–29 | Mar. 16. 9–20 | 1 Kor. 15. 12–23 |
| 19 | Ala. I man. Paska | Dan. 12. 1–3 | Lio. 24. 44–49 | Asa. 2. 29–36 |
| 26 | Ala. II man. Paska Asa TOPAZA | Isa. 26. 11–19 | Jao. 21. 20–25 | 2 Kor. 4. 16–18 |

Lohahevitra martsa 2020

# Miverena amin'ny Tompo Andriamanitrao




Nampiasain'ny Tompo hitondra fifohazam-panahy tany Angletera tamin'ny taon-jato faha-18

## 01 martsa

### AOKA IZAY NY TSY FIRAHARAHAINA

«*Fa lazaiko aminareo fa ho moramora kokoa ny ho amin'ny tany Sodoma amin'ny andro fitsarana noho ny ho aminao*» (Mat 11. 24)

Zavatra tsy mahazatra izany Jesoa niteny mafy izany, sy nanambara loza an'i Kapernaomy ; ary noho ny fitiavany dia mbola miteny mafy anao koa Jesoa satria tsy tiany hahatratra anao ny loza.

- **Kapernaomy dia tanàna vontom-pilazantsara nefa tsy noraharahàiny ny Filazantsara**

Ny fitoriana antso ho amin'ny fibebahana no votoatin'ny Filazantsara, ary izany no tsy maintsy ataon'ny fiangonana.

Ny fahagagana rehetra ataon'i Jesoa dia tsy maintsy miteraka finoana Azy ho Kristy Zanak' Andriamanitra, ary miteraka fibebahana ; koa mbola mananatra anao izay maditra, mpiodina, mafy loha ny Tompo : mibebaha, miovà fiainana, atsaharo ny fiodinanao sy ny adalanao mba tsy ho tonga aminao ny loza.

- **Tsy niraharaha fampianarana sy fahagagana i Kapernaomy satria niavonavona**

Ny avonavom-po sy ny avonavom-panahy no miteraka ny tsy firaharahàina.

Tolo-tsain'i Satana no mampiavonavona sy tsy mampiraharaha anao an'i Jesoa, ka mahatonga anao hieritreritra fa ny herin'ny sandrinao, ny sainao, sy ny fahaizanao no hampisandratra anao ho any an-danitra, tsia fa hampietren'ny Tompo any amparavodilavaka ianao raha manana izany fomba fisainana izany.

Koa, mibebaha, miverena amin'ny Tompo, ary ho mariky ny fiverenana Aminy dia atsaharo ny tsy firaharahàina ara-panahy dia ny tsy firaharahàina ny Teniny, ny Soratra Masina, ny fiangonana, ny vavaka sy ny fiainam-bavaka, fa izany dia miteraka tsy firaharahàina ara-piaraha-monina koa.

Ny Fanahy Masina no hampiaiky heloka anao amin'izany tsy firaharahàina izany.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 08 martsa

### MIVERENA AMIN'NY FITIAVANAO VOALOHANY

*«Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao... Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan' Andriamanitra»* (Apok 2. 4, 7)

- **Mianara mampiaraka amin'i Jesoa**

Raha tianao hiova ny finoanao, ny fiainanao, ary hiaina izany fitiavana voalohany izany dia mianara mampiraka amin'i Jesoa isan'andro hatramin'ny fara- fofonaina. Ilay fitiavanao an' i Jesoa dia fitiavana Azy amin'ny firehetana sy firedaredan'ilay fitiavana voalohany, koa ho marik'izany dia manaiky ianao hanao «sacrifice» ho Azy.

Ampanjakao eo amin'ny fiainanao i Jesoa, ka ankamamio ny fihainoana sy fianarana ny Tenin'Andriamanitra isan'andro ary dia saino sy ankatòavy izany, rehefa izany dia hiravona ny fifandraisanao Aminy.

- **Aza ampirafesina amin'ilay fizahozahoanao i Jesoa**

Ny fizahozahoana no mampiala anao amin'ilay fitiavana voalohany, ary manimba ny fiombonam-po sy fiombonam-panahinao amin'i Jesoa.

Tsarovy mandrakariva fa i Jesoa irery ihany no ivon'ny fiainanao, iray fo sy fanahy Aminy ianao, ary ny fiainanao dia fahasoavana miampy fahasoavana, satria Jesoa no loharanom-pahasoavana.

- **Aza ampirafesina amin'izao tontolo izao i Jesoa**

«*...Fandrafiana an'Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao...*» (Jak 4. 4).

Mampiala anao amin'ilay fitiavana voalohany sy ilay fiombonanao amin'i Jesoa ihany koa ny fisakaizana amin'izao tontolo izao, ny fifikiranao amin'ny fombandrazana isan-karazany, ny asa aman-draharaha sy ny antom-pivelomanao izay ataonao lohalaharana ka mampandefitra an'i Jesoa ; koa mibebaha ianao fa ny Tompo vonona handray anao.

Izay miaina izany fitiavana voalohany izany ihany no avelany hihinana ny avy eo amin'ny hazon'aina izay eo afovoan'ny Paradisan' Andriamanitra rahatrizay.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 15 martsa

### AZA AORINA AMIN'NY FAHAGAGANA NY FINOANAO

«*...Fa Jesoa namaly ka nanao taminy hoe : Izay taranaka ratsy fanahy sy mijangajanga dia fatra-pitady famantarana*» (1Pet1.22)

- **Aza aorina amin'ny fahagagana ny finoanao**

Ny finoana dia avy amin'ny toriteny ary ny toriteny kosa dia avy amin'ny Tenin'i Kristy ; koa ny finoana miorina amin'ny fahagagana dia malemy fototra.

Ny fitadiavanao sy fiandrandranao fahagagana dia itarafana ny any anaty fonao lalina, ratsy fanahy, mpijangajanga, manana fo tsy mino, ka manao lahara-pahamehana ny zavatra hafa ankoatran' Andriamanitra.

- **Aoreno amin'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty ny finoanao ka mibebaha**

Ny votoatin'ny Filazantsara dia : Kristy maty noho ny fahotantsika ary nitsangana tamin'ny andro fahatelo, izany no fahagagana lehibe indrindra maneran-tany. Fantaro fa maty teo amin'ny hazo fijaliana i Jesoa nisolo heloka anao mba hananao fiainana mandrakizay, ary nitsangana tamin'ny maty Izy ka mifona ho anao eo anilan'ny Ray, koa mibebaha ianao.

- **Hendre amin'izay**

Jesoa dia fahendrena tonga nofo, tsy namela anao ho irery Izy fa nandefa ny Fanahy Masina dia ny fanahin'ny fahendrena, koa ny olona hendry dia :

- manana ny fahendren' Andriamanitra amin'ny andavanandrom-piainana, mandeha amin'ny fatahorana an'Andriamanitra, mahatoky fa eo am-pelatànan' Andriamanitra ny zavatra rehetra, tia mivavaka ka mazoto miantso an'i Jesoa mandritra ny tontolo andro mba hangataka ny famindrampony, sy ny fiarovan'ny Fanahy.
- mahay mibebaka ka miala eo amin'ny seza fiandrian'ny fony, Ka Jesoa Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo ary nisolo heloka anao teo amin'ny hazo fijaliana no omena izany toerana izany.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 22 martsa

### HAFATRA HO AN'NY ANDEVON'ANDRIAMANITRA

«*Fa mandosira ny filan'ny tanora fanahy... ka hody ny sainy ho afaka amin'ny fandriky ny devoly, izay nanao azy sambo-belona hanao ny sitrapony*» (2 Tim2. 22-26)

Ny andevon' Andriamanitra dia :

- **mihazakazaka**

Mihazakazaha mandositra ny filàn'ny tanora fanahy dia ireo manompo tsy tahaka ny andevon'i Jesoa fa manompo amin'ny fomba taitaitra, tsy matotra ary manana faniriana hisandratra amin'ny asa fanompoany.

Mihazakazaha ary miezaha mitady amin'ny fonao, ny sainao, ny herinao rehetra ny fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana amin'Andriamanitra sy ny olona ary amin'izay miantso ny Tompo tahaka anao amin'ny fo madio.

- **mampianatra amin'ny fahalemem-panahy**

Lanio ny fotoananao sy ny herinao amin'ny fampianarana sy ny fanompoana ny Tompo, ka mahaiza mampianatra amin'ny fahalemem-panahy sy amin'ny fanajana, mahalefitra nefa tsarovy fa misy koa ny zavatra tsy azo andeferana.

Mampianara amin'ny fahamoram-po ary ialao ny fanontaniana adaladala tsy misy antony.

- **manafaka izay nataon'ny devoly sambo-belona**

Ny iraka ataon' ny fiangonana dia ny hamonjy sy ny hanafaka ny maro izay ataon'ny devoly sambo-belona hanao ny sitrapony. Mba hanafaka azy ireo dia manàna ny fijerin'i Jesoa ary miaraha miasa Aminy, tsy amin-kery na amim-pahatanjahana anefa fa amin'ny Fanahin'ny fahalemem-panahy, tadidio fa «ny vava malefaka mahatapa-taolana». Andriamanitra hitarika amin'ny fibebahana ary ny Fanahy Masina no hampibebaka azy ireo.

Mpanompon' Andriamanitra ianao, andevon'i Jesoa ary olom-boavidiny, Jesoa Tompo hiady ho anao amin'ny zava-tsarotra sy ny areti-mandringana fa ianao kosa hangina, hatoky Azy, fa Jesoa efa mahalala ihany izay efa hataony.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

**Naoty nalain'i Fara RAVELOARIMANANA**

Ny olona kenakenaina dia
olona tsy azo antenaina

*IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, Mpitandrina*

*Azonao jerena manontolo ao amin'ny **www.fjkmisotryfitiavana.org***

# Ny volana martsa an-tsary



08
martsa

**SAMPANA KRISTIANA TANORA ZOKINY**

Nankalaza ny faha-55 taona nijoroan'ny sampana

15
martsa



**RN2-N'I KRISTY**

Ireo katekista miara-miasa amin'Isotry Fitiavana

## *Tsianjerin'ny volana*

**01 martsa 2020**
**Matio 11.24** : *"Fa lazaiko aminareo fa ho moramora kokoa ny ho amin'ny tany Sodoma amin'ny andro fitsarana noho ny ho aminao."*

**08 martsa 2020**
**Apokalypsy 2.4; 7** : *"Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao... Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana*. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra."*

**15 martsa 2020**
**Salamo 86.2-3** : *"Arovy ny fanahiko, fa masina aho; Andriamanitro ô, vonjeo ny mpanomponao, Izay matoky Anao. Tompo ô, mamindrà fo amiko; Fa Hianao no itarainako mandrakariva."*

**22 martsa 2020**
**Ohabolana 25.15b** : *"Ary ny vava malefaka mahatapataolana"*

**29 martsa 2020**
**Marka 1.14-15** : *"Ary rehefa voasambotra Jaona, dia nankany Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran'Andriamanitra ka nanao hoe: Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara."*

*"ka nanao hoe: Indro, miakatra ho any Jerosalema isika; ary ny Zanak'olona* ***hatolotra*** *ho amin'ireo lohan'ny mpisorona sy mpanoradalàna; ary* ***hohelohiny ho faty*** *Izy ka hatolony amin'ny jentilisa; ary hanao Azy ho fihomehezana ireny sy handrora Azy sy hikapoka Azy ary* ***hahafaty Azy****; fa* ***rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy****."*
Marka 10.33-34

### Coronavirus

## Fampandraisana "à distance"

Manadio tsara lamba-databatra ny raim-pianakaviana. Apetrany eo ny mofo sy ny divay. Dia zarainy io mofo sy divay io (na izy na ny vadiny, izay mpandray ny fanasan'ny Tompo). Ny mpitandrina no miteny avy any am-piangonana hoe : "Zarao amin'ny anaran'i Jesoa".

Izy koa avy any am-piangonana no efa nanamasina ny mofo sy ny divay.

Fanamarihana lehibe : ho fiomanana amin'izao fandraisana Fanasan'ny Tompo ao an-trano izao dia **mifamela heloka ny ankohonana izay hiara-handray ny Fanasan'ny Tompo**.

Lesona volamena : mampiasa ny Fanasan'ny Tompo Andriamanitra anatin'izao krizy izao **hanasitranana ankohonana** maro !

Ny FPMA (Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy) no nanatanteraka io Sakramenta io.

Ny FPMA dia sady mpikambana ao amin'ny Alliance Réformée Mondiale (ohatrantsika FJKM izany) no mpikambana ao amin'ny FLM (Fédération Luthérienne Mondiale). Ny Filohan'ny FPMA, ny Dr Seth RASOLONDRAIBE, Mpitandrina, no mitarika ny fampandraisana tamin'ny Alakamisy masina sy tamin'ny Alahady marainan'ny Paska 2020.

Zavatra telo no tsongaina amin'ny fanazavana nomeny.

1) Araka ny Soratra Masina izao ataon'izy ireo izao satria araka ny Soratra Masina dia isan-tokantrano no nankalazana ny Paska voalohany. Ary ara-tantara, dia tany antrano ihany koa no nandraisana ny Fanasan'ny Tompo voalohany.

2) Faharoa, izy Mpitandrina no mitarika ny fampandraisana avy any am-piangonana sy manamasina ny mofo sy ny divay ary mandidy ny fizarana mofo sy divay any an-trano.
Tamin'ny alalàn'ny radion'ny FPMA no nampandraisana ny Fanasan'ny Tompo ny tafo 38 ao Frantsa sy ivelan'i Frantsa.


3) Farany, nefa tsy ny maivana indrindra : "Tsy fanao mahazatra izao, ary tsy hatao mahazatra. Fa krizy isika izao." hoy ihany ny Filohan'ny FPMA.

**Ahoana ny fandaminana FJKM?**
Raisinay mendrika ho zaraina io zava-nitranga io ry havana. Nefa anterina eto am-pamaranana fa **hafa ny fandaminan'ny Fiangonana FJKM : tsy mampandray "à distance" ny FJKM**. Ary samy manaja izany daholo noho ny amin'ny Tompo.

***RAMAHOLIMIHASO Solofo,***
***Mpitandrina***

Portrait

# Pastora Dr RAKOTONIRINA David



**Pastora Dr RAKOTONIRINA David , Filohan'ny FLM**

Pastora Dr RAKOTONIRINA David, zanaka Pastora, manana zanaka 4 sy vady tokana. Nitondra fiangonana kely, FLM AMBOHIBAO Tanana izay 80 monja ny Mpandray tamin'izay, 1997-2020. Nitondra fiangonana lehibe, 7000 ny tao amin'ny FLM 67 ha (2002-2006), Tale sy Mpampianatra ny ho Pastora (STPL ATSIMONIAVOKO, 2006-2010), Nitondra koa ny fiangonana AMBOLOKANDRINA (2011), Voafidy ho Filohan'ny Synoda Antananarivo (2012-2016). Nandray ny asa maha Filohan'ny FLM ny Oktobra 2016, araka ny teny fikasana.

Nandà fatratra ny asa maha Pastora. Hitako loatra ny fahorian'ny fianakaviana Pastora, indrindra izahay tany ambanivohitra. Efa 16 taona aho vao mba naka CEPE.

Tena nifidy ahy ho Pastora anefa Jesosy ka tsy afaka nandà aho. Bacc no mba nangatahiko rehefa nilaza Jesosy tamin'i Mama Nenilava fa ho Pastora aho. Dokotera (Médecin) no mba niriko fatratra. Fa nahazo Maitrise en Théologie aho tamin'ny 1997. Nianatra hahazo ny Doctorat tamin'ny Seminera samihafa. Nahazo ny Doctor of Divinity tamin'ny 2016 avy amin'ny NLTI, nahazo Doctor of Divinity iray hafa koa avy amin'ny CTS tamin'ny 2018.

Tapa-kevitra ho Pastora noho ny fitiavan'i Jesosy sy ny fomba nitondrany ahy aho. Resilahatra koa fa tsy maintsy hitondra ny FLM, noho ny teny fikasana. Tsy ny hahasoa ny FLM ihany fa ny firenena rehetra, Gen.12:3. Iraka masina avy amin'i Jesosy io ka tsy maintsy anaovana ny ezaka eo ambanin'ny FAHASOAVANA hitondra vokatsoa tokoa!

Mikely aina fatratra aho ary tsy mahalala sasatra mampandroso ny FLM amin'ny lafiny samihafa. Mivavaka ary miezaka mba ho modely hatrany amin'ny FINOANA sy ny ASA, I Kor.11:1.

Fa manandratra avo ny fiaraha-miasa amin'ny lafiny maro: FFKM, FFPM izay izaho no voaantso ho Filoha ankehitriny. Asa tena lehibe ireo ary misy fiantraikany lehibe ho an'ny fiaraha-monina sy ny firenena. Fa ankoatra ireo aza dia mbola manana anjara lehibe iraisam-pirenena: Komity ato amin'ny Fiangonana Loterana Afrika Afovoany Atsinanana, Komity Fiangonana Loterana aty Afrika, Komity Fiangonana Loterana Erantany, LWF. Tena ezaka lehibe ny fikarakarana ny FLM sy ny famahana olana marobe ao. Fa tsy ambin-javatra koa ny fampivelarana ireo sehatra maro anirahan'i Jesosy ahy ho tompon'andraikitra.

Ohatra iray amin'ireny ny fananganana ny Oniversite Martin LOTERA sy ny fampivelarana ny Ecole Doctorale ato amin'ny FFPM.

Iray amin'ireo ezaka lehibe nefa inoana fa tsy maintsy ho tafita ny FIZAKATENA. Ny vola no tongotry ny FILAZANTSARA fa tsy hozatry ny fiainana.

Mila ezaka manokana koa ny fahaizana mitarika sy ny fahaizana mandamina mba ho vita ara-potoana sy ahitambokatra ny zavatra maro tsy maintsy hatao. Isan'ny mampiavaka ny fomba fitarihana imasoanay ny famahana olana amin'ny fampiofanana sy fampianarana. Mpanoratra fantatry ny maro amin'ireo boky fampianaram-pinoana efa 14 izao no nivoaka. Isaorana Jesosy fa ankasitrahana koa ny teknolojia vaovao sy ireo fitaovana samihafa.

Sitraka sy telina indrindra koa ireo mpiara-miasa mahafatra-po. Ireo mpametraka olana sy vato misakana moa dia tsy nahakivy fa fanoitra lehibe nahazoana nandeha lavitra sy ahazoana mandeha lavitra kokoa!

***Pastora Dr RAKOTONIRINA David***
***Filohan'ny FLM***
***Filohan'ny FFKM***

**« Tsy ato Izy, fa efa nitsangana ARAKA IZAY NOLAZAINY. »**
**Matio 28.6**

*Le coin du médecin*

# Pied bot varus equin congenital

Le pied bot varus équin congénital ou « mivadi-tongotra » est une malformation du pied présent à la naissance dont la cause reste encore inconnue.Cette malformation est très fréquente à Madagascar. La prise en charge précoce est préconisée.

Le pied bot se caractérise par un pied tordu, qui semble même être à l'envers. Une anomalie des tendons et des ligaments du pied entraine une position anormale du pied. Les déformations sont composées d'un pied qui tourne en dedans, des orteils pointés vers le bas, un repos du pied sur le bord externe associé à une rigidité et non réductibilité de la déformation. Non traité, la malformation va être une cause de handicap à vie, touchant la fonction du pied et son esthétique.

Le traitement peut être fonctionnel par la rééducation, orthopédique par des séances de plâtre ou chirurgical. Il dépend de l'âge de l'enfant et de la rigidité du pied. Plus le pied est rigide et l'enfant grand, plus le traitement est chirurgical.

La prise en charge doit être la plus précoce possible et se fait dès le 3ème jour de vie. La plus utiliséeet ayant obtenu beaucoup de réussite est la méthode de Ponseti que nous pratiquons à Madagascar dans les centres de Médecine Physique et de Réadaptation mais aussi en Orthopédie infantile. Il s'agit d'une méthode qui consiste à corriger la déformation progressivement par des séances de plâtrage poursuivi d'une section du tendon de l'arrière-pied et d'une immobilisation du pied dans une attelle pour maintenir la correction.

Le dépistage précoce doit se faire à la naissance par le médecin ou la sage-femme. Les parents sont incités à amener leurs enfants « mivadi-tongotra » dès le premier mois de vie au Centre de Santé de Base pour être référer dans les centres spécialisés.



A Madagascar, nous comptons 9 centres qui prennent en charge les patients pieds bots dont le CHU d'Appareillage de Madagascar, le CHRD Itaosy, le CHRR Tsiroanomandidy, le Centre de Rééducation Motrice de Madagascar Antsirabe, les CHU Tambohobe et Andrainjato Fianarantsoa, le CHU Analankininina Tamatave, le CHU Androva Majunga et le CHU Tanambao Toliara.

« Un pied bot correctement traité n'est pas un handicap, il est compatible avec une vie active normale ». Ponseti

***Dr RANAIVONDRAMBOLA***
***Ando Tatiana***
***CHU d'Appareillage de Madagascar***

*Tononkalo*

## Iraka vavolombelona

Velona ny Tompo resy teo ny fahafatesana
ny faharatsiana maro izay efa nimatesana
indro potika sy rava noho ny Filazantsara
koa ianao izay voatendry no vavolombelona hanambara !

Velona ny Tompo , resy teo ny halozana
ny fiheveran-tena … misarisarim-pahotana
efa nikoro sy nikoa lavitra ny hadalana
noho ianao vavolombelona izay voatendry ho tan-dalàna !!

Velona Jesoa, fanavotana ho an-drehetra
ny fitiavany ho antsika mitohy tsy misy fetra
koa mitenena hatrany…. ary aza dia mangina
f'ianao izay voatendry no hizara ny hafaliana !

Velona Jesoa, tafatsangana tokoa !!!
mitondra famonjena sy fahasoavana ihany koa
koa asandrato re ny hoby … ny dera sesilany
f'ianao no voatendry, vavolombelona amin'izany !

Velona Jesoa ilay Mpanjaka manan-kery
ankatoavina sy hajaina , mpanavotra ondry very
Izy no mihevitra izay mahasoa anao
satria ianao no voatendry , vavolombelona vaovao !!!

***Tsiky Rakotomavo***

Lahatsoratra ho an'ny mpivady

# Ankohonana vavolombelon'ny fitsanganan'ny Tompo

**Ankohonana manana an'i Jesoa ho Tompo ao am-po**
Misy ankohonana diso hevitra fa rehefa miantso an'i Jesoa hoe Tompo izy sy mazoto mankany am-piangonana ary manao asa fanompoana ao am-piangonana, na manao asa soa maro samihafa dia hoe ankohonana kristiana.

Mampieritreritra ihany anefa ny toriteny nataon'i Jesoa tao an-tendrombohitra fahizay tamin'ireo mpianany sy olona hafa maro manao hoe: *"Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko , tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka."* (Mat 7. 21-23).
- Tompo tena avy ao am-po ve Jesoa sa sanatria Tompo eo amin'ny vava ihany? (Rom 2.8-10; Jao 1.12-13)
- Fahefana fara-tampony manomboka eo amin'ny fiainako sy eo anivon'ny ankohonako ve ny tenin'Andriamanitra? (Sal 119.11,105)

Raha tsy izany, na dia nikofokofoka mafy tamin'ny fanaovana asa maro samihafa aza isika, na io eo anivon'ny fiangonana, na io ivelan'ny fiangonana, dia kristiana anarana ihany, ka amin'ny fiverenan'i Jesoa dia hilazany hoe: *"Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka."* (Mat 7.23)

**Ankokohonana vavolombelon'ny fitsanganan'ny Tompo**
Nitsangana tamin'ny maty ny Tompo, nandresy ny fahafatesana Izy, satria nisafidy ny ampangiana ny sitrapony manoloana ny sitrapon'Andriamanitra, tamin'izy nitafy nofo tahaka antsika.

Niatrika ady mafy Izy ka nahateny hoe: *" Aba Raiko o, ny zavatra rehetra hainao; esory amiko ity kapoaka ity;"* (Mar14.36a), saingy notohizany hoe: *"kanefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao"*. Tanterany hatramin'ny farany ny fanavotana antsika (Jao 19.30); ary nasehony tamin'ny fitsanganany tamin'ny maty izany fandresena ny tsy fankatoavana izany.

Ny ankohonana manana an'i Jesoa ho Tompo dia afaka ho vavolombelon'izany fitsanganany izany, ka maneho ny fandreseny ny fahafatesana ara-panahy koa, rehefa mankato amin'ny herin'ny Fanahy Masina, ireto sitrapon'Andriamanitra ireto:

- Ny lehilahy manambady: mitia sy mitarika ny vady aman-janany amin'ny fomban'i Kristy. mamonjy sady manompo (Efe 5.25; Mar10.42-45 )
- Ny vehivavy manambady: manoa sy manaja ny vadiny tahaka ny anoavany sy hanajany an'i kristy (Efe 5.22-23, 30)
- Ny ray aman-dreny; mitaiza amin'ny fomban'ny Tompo, izany hoe ara-tsoratra masina (Efe 6.4; Kol 3.21)

- Ny zanaka: manoa sy manaja ny ray aman-dreny, izay midika fanoavana sy fanajana ny Tompo, Ilay Tompon'ny teny (Efe 6.1-30).

***RAKOTONDRAMBOA***
***Jean & Saholy***

Ainsi, de nombreuses personnes ne croient ni à la vie future ni à l'existence de Dieu, parce que, leur imagination, semblable à des ailes trop faibles, est incapable de s'envoler au-delà des limites de leur **raison;** elles ne peuvent voir avec leurs **yeux physiques** les choses splendides et éternelles que Dieu prépare pour ceux qui l'aiment.
(d'après Sadhu Sundar Singh)

Jeunes

# La plus grande découverte

« James Simpson est l'illustre savant, qui en 1847, introduisit en chirurgie le chloroforme découvert seize ans plus tôt. A ce titre, il reçut les félicitations de ses collègues du monde entier et une petite fête fut organisée pour saluer le mérite du savant.

**La plus grande découverte de Simpson**
A la fin de la cérémonie, Simpson se leva pour remercier les médecins des marques d'estime dont il était l'objet et qui le rendaient confus. En terminant son discours, il ajouta : « J'ai fait une plus grande découverte que celle pour laquelle vous m'honorez ». Et devant l'auditoire étonné qui se demandait ce qui allait suivre, ce chrétien convaincu poursuivit : « J'ai découvert dans la Bible que j'étais un pécheur qui avait besoin d'un Sauveur. Ce Sauveur, je l'ai trouvé en Jésus Christ dont le sang est répandu sur la croix de Golgotha, a expié mes péchés, et Dieu m'a pardonné ».

Jeunes, le monde entier attend une grande découverte pour lutter contre le coronavirus. Chacun a sa propre opinion à ce propos. Néanmoins, l'exemple de Simpson nous fait réfléchir sur ce qui est vraiment essentiel. A quel point toi et moi avons-nous confiance en Dieu de notre Salut ? C'est encore une grâce, une miséricorde que toi et moi, nous avons encore du temps pour nous retourner à Dieu.

Qu'est-ce que Dieu nous révèle de la Bible ? Qu'avons-nous découvert via sa Parole ? Pour faire la même découverte que Simpson, nous n'avons pas besoin de diplôme ni de fortune, ni un certain âge ni un pays d'origine spécifique. Il s'agit d'une décision personnelle. En effet, cette découverte est l'œuvre du Saint Esprit en nous. Jésus offre son pardon à tous ceux qui croient en son sacrifice sur la croix et en sa résurrection. Quelle que soit la situation que nous affrontons sur cette terre, Jésus nous a racheté. Il nous offre la vie éternelle. La question cruciale qui se pose est : as-tu vraiment l'assurance du Salut ? Peux-tu affirmer comme Job ? "Je sais que mon rédempteur est vivant, … Quand ma peau sera détruite, il se lèvera ; Quand je n'aurai plus de chair, je verrai Dieu" (Job 19. 25a, 26).

***Onja***

Kristiana mandala ny teny Malagasy

# Sorona

Samy hevitry ny sorona ireto efatra ireto: toetry ny ranomasina tafakatra ambony ho onja noho ny fisarihan'ny volana sy ny masoandro, fandrosoana kitay am-patana hirehetan'ny afo tsara sy fanatitra atao ho an'ny herin'ny Avo ary tsy filazana aman'olona izay tokony ho fantany na tokony hataony. Mifanjohy hevitra ireto telo farany raha somary miavaka itsy voalohany.

**Ny fitenenana malagasy momba ny sorona**
Ireto telo ireto no handeha hofantenana. Fanambadiana raikitra teny ampakan-kitay : rava eny am-pisoronan'afo (enti-milaza ny fitiavana mirehitra tampoka anefa tsy sahaza ka mora rava), mpisorona afo ka may volon-tanana (satry hahazo hafanana amin'ny afo soronina, satry hahamasaka hanina tsara kanefa mety hisy vokany ratsy iaretana ireny sy ireny), misorona amin-kavana : misento tsy atrehin'olon-tiana (tsy milaza izay manjo ny tena amin'ny olona akaiky ka lasa miafina rehefa hisento noho ny hamafin'io manjo io).

**Misolo vaika**
Fanonja na fitosaka no hevitry ny vaika eo. Milaza fahatongavana mafy sy haingana izy. Manamafy izany ny herivaika: tanjaka tonga ka miantraika mafy amin'izay andalovany. Misolo vaika ny akalana ka mandidy hena amin'ny lohalika: mihevitra fa mafy ny lohalika ka dia didiana eo ny hena kanjo taolana tsy misy nofo fa hoditra avy hatrany ny lohalika ka mangirifiry ny vaika tonga eo. Afovato tandroka : zatra manao solovaika. Vato nafanaina tanaty memy (lafaoro) ka midorehtra toa afo ny afovato. Koa mahomby indrindra izy raha atao tandroka hiarovan-tena an'ady. Ny mahery zatra irahina hiarovan-tena no tiana holazaina amin'izany.

**"Sorona" , "Solovaika" sy "Solovoina" ary "Fanatitra"**
Mitovy dika indraindray no ampiasana ny "sorona" sy ny "solovaika". 800 any ho any no isan'ny teny misy ny fototeny hoe "sorona" ao amin'ny Baiboly fampiasantsika FJKM fa tsy hita ao ny hoe "solovaika", tsy hita tahaka izany koa ny "solovoina". Miasa anefa ireny teny ireny rehefa mamaofy ny Soratra Masina ny tomponandraikitra. 1.000 any ho any ny isan'ny teny hoe fanatitra ato amin'ny Baiboly fampiasantsika FJKM. Tsy nampiasana ny fototeny hoe "sorona" io Baiboly io na dia nampiasa ny teny misy fototeny hoe "sorona" aza, amin'izany ny hoe "mpisorona no tena niasa betsaka.

**Fehiny**
Sorona, solovaika sy solovoina ary fanatitra fara tampony hoan'ny zanakolombelona no tsarovana fa notanterahin'Andriamanitra mandritra ny Herinandro Masina. Deraina lalandava noho izany ny Anarany masina.

***RAKOTOJAONA***
***HERISOA ANDRIANAINA***

Coronavirus

# Passion du Christ

À Oberammergau, aucun cas de Covid-19 n'a été détecté. Pour le pasteur de la ville, une tradition religieuse datant de 1634 a permis de sauver la population jusqu'à aujourd'hui.

Dans cette petite ville bavaroise datant du XVIIe siècle, aucun cas de coronavirus n'a encore été constaté depuis le début de la pandémie. Le résultat d'un confinement exemplaire? Pour Thomas Groener, pasteur d'Oberammergau, la véritable explication est à chercher ailleurs. Il estime ainsi que la ville allemande doit sa bonne fortune à une tradition vieille de près de 400 ans.

En 1633, alors que la peste bubonique fait des ravages et décime près des trois quarts de la population, les habitants prient pour être épargnés par la maladie. En échange, ils promettent de jouer tous les dix ans le spectacle de La Passion du Christ. Aujourd'hui, le village est réputé pour ses représentations et accueille à chacune d'entre



**Les villageois d'Obermmargau jouant la Passion du Christ. A ce jour, zéro cas de contamination au Covid-19**

elles des centaines de milliers de spectateurs venus du monde entier.

De là à faire le rapprochement entre le vœu pieux d'Oberammergau et l'absence de contaminations au Covid-19, il n'y a qu'un pas que le pasteur Thomas Groener franchit aisément: «Dieu a aidé la population à l'époque. Il les a sauvés de l'épidémie de peste, les a épargnés. Cela se produit de la même manière aujourd'hui», affirme-t-il.
La 42e édition de la pièce devait se jouer cette année à partir du 16 mai, dans un théâtre spécialement construit à cet effet et pouvant accueillir 4.400 spectateurs. Mais ironie du sort, ce rituel si cher au cœur de la population sera reporté de deux ans à cause… du coronavirus.

**NDLR** : *La Bible nous apprend en effet qu'il ne faut pas tenter le Seigneur !*

# Pensées et réflexions

**Charles Spurgeon et la prière**
Connu pour ses prédications saisissantes,[ on l'appelait le Prince des prédicateurs], Spurgeon reconnaissait en permanence que son succès était le résultat direct des fidèles prières de sa congrégation. "On a souvent fait la remarque que c'est toute l'église qui contribua à produire Spurgeon." Lorsque des visiteurs venaient dans son église, Spurgeon avait l'habitude de les emmener dans la salle de prière située au sous-sol, dans laquelle il se trouvait toujours des personnes à genoux en train d'intercéder. Alors Spurgeon déclarait : "C'est ici le centre de puissance de cette église."

Dans son autobiographie, Spurgeon exprime sa reconnaissance d'être béni par une telle église priante. "Je donne toujours toute la gloire à Dieu, mais je n'oublie pas le fait qu'Il m'a donné le privilège d'exercer mon ministère, dès le début, envers un peuple qui prie. Nous avions des réunions de prière qui nous touchait jusqu'au fond de l'âme, chacun paraissait déterminé dans son désir de prendre d'assaut la Cité Céleste par la puissance de l'intercession."




Confinement. S'agenouiller. Prier. Dans la rue. A Paris.

**La réunion de prière comme thermomètre spirituel de l'église**
Spurgeon considérait la réunion de prière comme le thermomètre spirituel d'une église. La nuit de prière qui avait lieu le lundi dans son église eut une réputation qui parcourut la terre entière pendant plusieurs années. Chaque lundi soir, une grande partie du sanctuaire de Spurgeon était remplie d'intercesseurs sincères et fervents.

Aux yeux de Spurgeon, la réunion de prière était la réunion la plus importante de la semaine. "C'est à ce niveau que plusieurs d'entre nous nous trouvions en conflit avec notre cher Monsieur Spurgeon. Nous aimions nos réunions de prédication et de louange et malheureusement nous négligions celles consacrées à la prière." L'une des plus grandes préoccupations de Spurgeon était que les personnes de son église apprennent à prier véritablement. "Il enseignait à son assemblée à prier, donnant bien plus l'exemple par sa propre expérience que par sa prédication."

**Princes de la prière**
Spurgeon reconnaissait tout à fait que le plus grand besoin de l'Eglise n'était pas d'avoir un autre "Prince des prédicateurs", mais d'avoir davantage de princes dans la prière. Dans l'un de ses nombreux sermons publiés, il exprima ce sentiment, écrivant : "Devrais-je vous donner une raison de plus au fait que vous devriez prier ? J'ai déversé sur ce sujet tout mon cœur dans mes prédications. Je ne pourrais pas dire davantage que ce que j'ai déjà dit. N'est-ce pas vos prières qui accompliront ce que mes prédications n'ont pas réussi à faire ?

N'est-il pas vrai que l'Eglise a mis en avant bien plus son habilité à prêcher que son habilité à prier ? Oh chers amis ! Rentrons dans l'agonie de la prière..."

**Eglise hypocrite**
Le fait d'uniquement prononcer des discours sur le réveil et ne pas exercer ses genoux, c'est de la pure hypocrisie ! Il est temps que nos réunions de prière se remplissent de fidèles autant que nos réunions de prêche et nos réunions de louange. C'est à ce moment et SEULEMENT à ce moment qu'un vrai réveil surviendra avec une puissance durable !

**Tout comme Spurgeon, considérons les réunions de prière comme notre plus importante réunion.**

## Ianao ve nefa tena mino ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty e?

Raha mino marina ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty isika dia miova ange ny fifandraisantsika eo anoloan'ny fahafatesana e !

▪ Ny porofo fa tsy mino ny fitsanganan'i Jesoa Kristy amin'ny maty ny olona dia ny fihetsika ataony eo anoloan'ny fahafatesana! ...

▪ Mifantoka any amin'i Jesoa Kristy ve ianao rehefa misy manjo sa tsindrian'ny alahelo satria hoe namoy ny hava-malala. Ary ilay izy koa ny mahagaga hoe : nantsoin'ny Ray hody any Aminy izy dia ianao no malahelo!

▪ Fa io herin'ny fahafatesana izay atahoran'ny olona io, ka mba andosirana ny fahafatesana dia atao daholo izao zavatra rehetra rehetra izao hatramin'ny zavatra mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra aza mba hiarovantena. Aleo maty rahampitso toy izay maty androany! Mahery tsy mody tsy ela velona! Andriamanitra tsy manampy izay tsy manampy ny tenany! Dia atao daholo izao hadalana rehetra izao.

Kristiana ianao!! Mitady fiarovana atsy sy eroa e! Ahh aleo arovana ny aina!

▪ Mino marina ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ve ianao **?**
Ny fanomezan-tsiny izao nataon'i Jesoa tamin'ny mpianany ry havana, manjary fanomezan-tsiny marina amiko sy aminao raha ohatra ka mbola ny tahotra ny fahafatesana no mangeja antsika, mampanaotao foana antsika eo amin'ny fiainantsika.

*(Nalaina tamin'ny toritenin'i Pasteur Ammi tamin'ny Paska 2020)*

Paska 2020

## Fihetsiketsehana ...sa fifanenana amin'i Kristy

"Mba firy re ny Kristianina mihevitra ny ahazo olonkafa ho an'i Kristy e? Matetika isika dia sady tsy manana zotom-po ho an'i Kristy no tsy manam-pitiavana ny fanjakany .

Ho an'ny kristiana maro, ny fivavahana kristianina dia fihetsiketsehana atao amin'ny alahady izay tsy manana ifandraisana amin'ny alatsinainy ary ny fiangonana dia mihoatra kely noho ny fikambanana laika izay nopetahana ankosom-pivavahana manify.

Jesoa dia famantarana maintimolaly izay hajaintsika amin'ny anarana hoe Kristy kanefa amin'ny maha Tompo azy dia tsy torin'ny fiainantsika mivahavaha na ekeny. Izany ry havana dia antso ho antsika, mampahatsiaro an'i Maria Magdalena sy ny Apostoly, ny Kristianina voalohany izay nandeha nijoro vavolombelona izy rehefa nifanena ta@ Kristy velona ka hoy izy manao hoe: ilaintsika ny manavao ny fanoloran-tenantsika ho an'i Kristy. Tokony hanana indray ny fanahin'ny Fiangonana voalohany isika. Na taiza na taiza no nalehan'ireo Kristianina voalohany dia sahy nijoro ho vavolombelon'i Kristy izy ireo, sahy nitory ny vaovao mahafalin'ny filazantsara izy ireo, na teny amin'ny lalana, ny vohitra, na tany an-tranomaizin'ny tanan-dehibe.

Ny valisoa azony noho izany hoy izy, izany fahasahiana hijoro ho vavolombelona izany, dia matetika ny fampijaliana mahatsiravina tao an-davaky ny liona na ny fahoriana lalina teo amin'ny mpamono. Kanefa, kanefa, hoy izy, naharitra tamin'ny finoana izy ireo, satria nahita tolona tena lehibe ary ny fiainany dia novan'ny Mpamonjy izay tena Andriamanitra hany ka na dia ny fahafatesana aza tsy noheveriny ho fahafoizana lehibe loatra.

Raha tonga tao amin'ny tanana iray izy ireo, hoy izy, dia nikorontana ny rafi-pitondrana. Ny vaovao notoriny dia nitondra ny hafanan'ny lohataona ho an'ny olona izay ngolin'ny ririn-davan'ny fahalalam-pomba, namporisihiny ny olona hikomy tamin'ny fandaminana tranainy nanjakan'ny tsy rariny, sy ny rafitra tranainy nanjakan'ny fahalotoam-pitondrantena.

Raha notoherin'ny mpitondra ireo olona hafahafa ireo izay mamon'ny divain'ny Fahasoavan'Andriamanira dia mbola nitory ny filazantsara ihany izy mandrapandresiny lahatra na dia ireo lehilahy sy vehivavy teo amin'ny ankohonan'i Kaisara aza mandrapahatongan'ny mpiambina ny tranomaizina hanipy ny fanalahidiny ary mandra-pahatongan'ny mpanjaka hangovitra teo amin'ny seza fiandrianany.

Dia hoy izy hoe: "Aiza, aiza ny karazan'ny hafanam-po toy izany ankehitriny, aiza ny karazan'ny firotsahana hanaraka an'i Kristy toy izany ankehitriny ka hampisehoana fahasahiana sady hitondrana fanavaozana? Moa miafina ao ambadiky ny emboka sy ny alitara no nalevona ho amin'ny fomba mahazatra ary notanana am-ponja ao amin'ny fatorany io fanolorantena io? Tokony hanjaka indray eo amin'ny fiainantsika i Kristy".

Mila mihaino indray izany toriten'i Martin Luther King izany isika ry Havana malala mba ahafahantsika mieritreritra manao hoe: efa nifanena tamin'i Kristy nitsangana tamin'ny maty ve ianao e? Eny, mandehana ary, mijoroa ho vavolombelona, milaza ny Filazantsara.

***(Nalaina tamin'ny toritenin'i Pasteur Ammi Paska 2020)***

**Gazetin'Isotry Fitiavana**

Talen'ny Famoahana:
**RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina**

Talen'ny Fanoratana:
**RAKOTOMAHARO Rufin**

Mpandrindra:
**RABEVAZAHA Felana**

Mpandrindra mpanampy:
**RAKOTOMALALA Dorothée**
**RAVELOARIMANANA Fara**
**RARIVOARIVELOMANANA Kanto**

Mpaka sary:
**RANAIVOARISON Tianaina**

62, Làlana Victoire Rasoamanarivo
101 Antananarivo

Tél : +261 32 05 645 49

Aprily 2020